Ny Valosoa sy hadihady

Filoha Ravalomanana : Nisantatra sy loha-laharana amin'ny ady amin'ny kolikoly

Enimpolo taona izao no namerenan'i Frantsa ny "fahaleovantena" ho an'i Madagasikara, ka Repoblika efatra no nifandimby teto kanefa azo lazaina ho enina izany satria filoham-pirenena telo no nifandimby tao amin'ny Repoblika fahatelo. Samy nikitika ny Lalàmpanorenan'io Repoblika III io ny Amiraly Ratsiraka Didier sy ny filoha teo aloha Ravalomanana Marc. Azo lazaina fa nanome fahalalahana be dia be ho an'ny olompirenena teo amin'ny lafiny rehetra ny Repoblika III, ka izay no anton'ny nanomezana anarana ny Pr. Zafy Albert ho rain'ny demokrasia. Tsy azo hodian-tsy hita ihany koa anefa fa nanomboka teo no nipoiran'ny gaboraraka teo amin'ny sehatra rehetra satria toy ny soavaly tapa-kofehy ny olompirenena rehefa niaina tao anatin'ny gejan'ny fitondrana sosialista (embrigadement) nandritra ny dimy ambin'ny folo taona teo. Tsy nisy ny fahalalahana naneho hevitra nandritra ny Repoblika I, tsy nisy fifandraisana tamin'ireo tany sosialista, nasiaka tokoa ny sivana teo amin'ny lahatsoratra an-gazety ary nisy ireo mpanao gazety niditra am-ponja noho izany. Nisokatra tamin'ny firenena rehetra ny fitondrana teo amin'ny Repoblika II saingy tsy nisy loatra ny fahalalahana ary ilay fifandanjana ara-poko (quota ethnique) teo amin'ny fifaninanana fidirana tamin'ny sekoly ambony sy ny fahazoana vatsim-pianarana no nitsirian'ny saina manao kolikoly. Ary tamin'ny Repoblika III-1 notarihan'ny Pr. Zafy Albert, no tena nirongatra ary zary lasa kolontsaina iainana indrindra eo anivon'ny manampahefana eto amin'ny Firenena. Nahazo laka tanteraka izany kolikoly izany nandritra ny tetezamita, ka hatramin'izao Repoblika IV-2 ary na manambara etsy sy eroa aza ny mpitondra fa laharampamehana ny ady amin'ny kolikoly dia toy ny rano atosaka eo ambon'ny gisa izany satria ny any ambony ihany no fitaratra. Tsy misy miafina ny resaka malety teo amin'ny mpikambana tao amin'ny Antenimierampirenena taona lasa vitsy izay. Entin'ny mpitondra amin'izao Repoblika IV-2 mihazakazaka mizotra any amin'ny làlan'ny fahalovana sy ny fahadisoam-panantenana ary ny famoretana ny fiainam-pirenena sy ny vahoaka Malagasy. Tokony ho voafehy ity resaka kolikoly ity tamin'ny Repoblika III-3 naha filoham-pirenena an-dRavalomanana Marc satria anisan'ny ady natrehin'ny fitondrana tamin'izany ny ady amin'ny kolikoly, ka nananganana ny Bianco, ny CSI (Conseil pour la Sauvegarde de l'Intégrité) sy ny Samifin, izay mbola eo ary azo lazaina fa am-perinasa tanteraka, saingy iaraha-nahita sy naheno ireo teritery (pressions) mihàtra amin'ireo sampana misy ao amin'ireo rafitra ireo. Azo lazaina arak'izany fa loha-laharana amin'ity ady amin'ny fahalovana ity ny Filoha Marc Ravalomanana, satria tamin'ny fotoana nitondrany no nananganana ireo sampan-draharaha miady amin'ny fahalovana sy famotsiam-bola ireo. Ary efa fambarany rahateo ny hoe : "rehefa tsy voalohany dia aleo farany", noho izany loha-laharana mihitsy izy sy ny fitondram-panjakana notarihany tamin'ny fanaovana ny ady amin'ireo zavatra fanetriben'ny firenena ireo. Ankoatra izany, raha ny ankehitriny no jerena, eo ny ataon'izao fitondrana izao amin'ny fanaovana volavolan-dalàna hanovàna ny andininy sasany ao amin'ny fitsipi-pifehezana ny PAC ohatra. Niteraka fankahalana an-dRavalomanana Marc ny fisamborana olona ambony teto amin'ny firenena noho ny kolikoly satria nolazaina fa noho ny antony politika no nisamborana azy ireny. Tokony ho efa resy ny kolikoly raha nitohy hatramin'ny taona 2012 ny fitondrana notarihan'ny filoha Ravalomanana Marc ary azo ninoana fa tratran'i Madagasikara ny "Tanjon'ny Taona Arivo" (Objectifs du Millénium) nofaritan'ny Firenena Mikambana. Tsy mbola nahazo laka toy ny tamin'izao fotoana izao ny kolikoly teto amin'ny Firenena koa raha tsy ny olona nanomboka ny ady sy nametraka ny rafitra hiadiana amin'izany no mamerina indray ny làlan-tsaina hizorana amin'izany dia ho zava-poana ihany ny ezaka, indrindra ihany koa fa ny vahoaka tsy mandady harona ihany no tena iharan'ny kolikoly ary ny ao anatin'ny fitondrana ihany no tena ahitana ity pratika mamotika Firenena ity.

Andry Tsiavalona

Fanasana tanana amin'ny savony

Tsy ampy ny ho enti-manana, ny rano koa mbola olana

Tena ilaina ny fanasana tanana amin'ny savony, indrindra fa amin'izao fotoana tsy mbola mahafongotra tanteraka ny aretina koronaviriosy izao, ny fanentanana nivoaka tamin'ny fampahalalam-baovao samihafa dia samy nitanisana io fanasana tanana amin'ny savony io avokoa, saingy ny olana dia mijanona ho fanentanana ihany, satria tsy misy ny fanomezana ny ho entimanana ahatratrarana ny tanjona, tsorina fa tsy ny rehetra no mahavidy savony, ny fahazoan-drano hidiovana koa mbola tantara hafa, raha tsy hiresaka afa tsy ny eto Antananarivo Renivohitra, izay tsy tokony hijaly rano, satria lalovan'ny reniranon' Ikopa sy Imamba ary Sisaony, kanefa dia tsy tonga ara-dalàna any amin'ny fatsakana sy any an-tokantrano ny rano fisotro madio sy fidiovana, fa tapaka lava, ny faktiora tsy mitsahamiakatra hatrany.

Fa nahazo vahana ihany koa ireo savony vava teto Madagasikara nanomboka tamin'ny 2009, malama vava izy ireo, toy ny azo ilaofana mihitsy ny ambarany, kanefa dia tsy azo itokisana fa mampibolisatra toy ny savony ny lalana nosoritan'izy ireny.

Fa tsy maty ao an-tsaina koa ny voarakitra ao amin'ny baiboly, dia ny nanambaran'i Pontio Pilato ilay mpitsara nanameloka an'i Kristy nanao hoe : « manasa tanana amin'ny ràn'ity olo-marina ity aho », fa eto amintsika misy ny « tsimatimanonta », kanefa koa dia tena misy mihitsy ny « matitsimanota », hita any amin'ny raharaham-pitsarana maro izany, ny mampalahelo dia minia mikimpy na tonga amin'ny fitenin-jatovo hoe « mody fanina» ireo manana andrakitra, tsy andrenesam-peo kely akory toy ny nataon'i Pilato, fa mihevi-tena ho tompon'ny rariny ary indrindra sanatria mihambo ho mahavidy ny rariny eto amin'ny firenena.

Andro iraisampirenena ho an'ny fanasana tanana amin'ny savony ny 15 Oktobra, ilaina ny fanomezana ny hoentimanana ho an'ny vahoaka malagasy hahazoany midio mandavantaona, fa tsy amin'ny andro iray isan-taona, izay tsy nisy fanamarihana avy amin'ny tompon'andraikitra akory tamin'ity taona ity, fa ny tsy azo amaivanina ny fisian'ireo nahavita ratsy teto amin'ny firenena, ireo nampandroba sy nampandoro ary nihosin-drà ny tanany, mila mahatsapa tena amin'izay ireny sokajin'olona ireny, satria efa azo antoka fa tsy mahadio ny loto navelan'izy ireo na savony an-taoniny aza.

Ny Valosoa

Andro manerantanin'ny tehina fotsy

Olom-pirenena feno ny jamba, nefa tsy misitraka ny zony amin'ny fifidianana

Olompirenena manana ny zony toy ny rehetra, ireo manana olana eo amin'ny fahitana na ireo jamba, ny tehina fotsy no fitaovana eny ampelatanan'ireny jamba ireny ihavahany amin'ny hafa, tokony homena ny lanjany ny tehina, satria manana ny heviny ihany koa, raha miampita arabe ny jamba iray, ka manangana ny tehina fotsy dia tokony hijanona avy hatrany ny fiara, miandry ilay jamba ho tafampita ary tsy ilaina ny mampaneno anjomara, ianao mpandeha tongotra koa dia tokony hanampy an'ilay jamba hitantana azy na hanoro azy amin' izay alehany.

Fa misy ny oha-pitenenantsika malagasy manao hoe " ny alika jamban'ny taolana ", fa "ny olombelona jamban'ny vola", manjaka io fomba fisainana io nanomboka tamin'ny taona 2009 ary hatramin'izao, misy amin' reo nahazo andraikitra no tsy tahotra tsy henatra, fa manararaotra amin'ny fanaovan-dratsy, mihinana tsy mizara tsy mahalala voky, mihevitra ny manodidina ho jamba tsy mahita ny zava-misy, kanefa ihany koa dia misy ny fitenenana manao hoe "tsy misy jamba noho ireo izay minia manakimpy ny masony", matoa sahy manao ny tafahaotra ireo tsy manampanahy dia satria mangina tsy miteny ny mpiaramonina, ny antony mety noho ny tahotra, na firaisana tsikombakomba tsotra izao.

Fa olompirenena feno sady tsy very zo ireo jamba, kanefa dia azo lazaina ho tsy misitraka ny zony amin'ny maha-mpifidy azy ireo jamba ireo, noho ny fampiasana ny biletà tokana, ny lalàna velona eken'ny firenendrehetra dia tokony ary tsy maintsy olona iray ihany no mahazo miditra ao anatin'ny "isoloir", ary ny safidin'ny tsirairay dia tokony ho tsiambararoa, kanefa amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ireo jamba mametraka (X) eo amin'ny tandrifin'ny anaran'ny kandida eken'ny sainy, ny dikan'izany dia famerezan-jo ireo jamba ny fampiasana biletà tokana amin'ny fifidianana. Fa mbola mikasika izay resaka fifidianana izay, dia tsy mbola maty ao antsaina ny fisian'ireo anarana miverina indroa na mihoatra, sy ny fisian'ny laharana kara-panondro marobe mitovy amin'ny anarana samihafa, ka mampanontany tena hoe : " fa inona no mijery ny an'ireo tompon'andraikitra? ", no tsy nahita ny hadisoana mibaribary, ny valinteny azo ambara dia jamba mifampitantana ny "Ceni" sy ny"Hcc", k'izay no mahatonga ny firenena ahiana hivarina any ankady.

Andro iraisampirenena ho an'ny tehina fotsy ny 15 Oktobra, adidin'ny olompirenena miaina ao amin'ny fahitana ny manampy ireo jamba, mandavataona no tokony hanaovana izany, fa manoloana ireo mihevitra ny vahoaka ho jamba na voatampimaso, dia tokony hijoro ny olompirenena haneho firaisankina, ka ny fahasahiana mijoro milaza ny marina no tehina fotsy handresena ireo mpanao an-jambany amin'ny fitantanana ny firenena.

Ny Valosoa

NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

TONONKALO

Aiza izao ireo nofinofy ?

Aiza izao ireo nofinofy ? misy ve ny mba tanteraka ?
Ilay Ambato hoe bevohoka, rahoviana no ho teraka ?
Sasa-miandry ny vahoaka izay nomem-panantenana,
Saingy hatreto toa tsy misy izay mba sombim-piovana !

Aiza ho aiza ilay Toamasina be mpitia sy mpankafy ?
Ilay efa tena nohiraina fa ho lasa Miami ?
Ny tazana ao dia fandravana nolaroina fandrobana,
Fa izay tena fanorenana dia mitoetra ho "fikasana"!

Tranobe mijoalajoala. Aiza ireny ? Rahoviana ?
Fa ny fototra aza hatreto toa tsy mbola nohadiana!
Mbola tsisy ve ny vola sa vao eo am-pikarohana ?
Moa tsy efa be no azo tao anaty fihibohana ?

Aiza ho aiza ity Ambato izay kasaina atao Parisy ?
Revin-gadra hoy ny maro fa hatreto aloha tsy hisy !
Fanamboaran-dalana aza, mihisatra fa tsy misosa
Ka ahoana no hinoana fa izany no ho tontosa ?

"Roaka alika" no mahazo ireo madinika mpivarotra,
Manoloana itony fiainana efa tena mihasarotra.
Saingy ireo vahiny kosa, ireny indray no omena vahana
Ka manao izay tiany hatao, mividy tany an-kahalalahana !

… Aiza izao ireo nofinofy, taona firy no efa lasa.
Ny kabary izay natao dia tsy nivadika ho asa.
Ka dia lozanao mpitondra mampandihy sy mampibitaka,
Fa izao ilay azo ambara ho tena "kobaka" sy "fitaka" !

TSIMIMALO (16-10-20)